RMDM Diaspora

Miarahaba ireo gadra politika niakanjo mena tafavoaka ny fonja

Nivoaka ny fonja ny sabotsy 22 mey atoandro teo ireo gadra politika 9 mianadahy nigadra 3 volana an-tranomaizina, taorian'ny nahavoasambotra azy ireo tamin'ny hetsiky ny Miara-manonja ny 20 febroary 2021 lasa teo. Famonjana izy tsy ara-drariny satria tsy nangalatra, na namono olona, na nanimba zavatra izy ireo tamin'io andron'ny 20 febroary io. Arak'izany, tafavoaka soa amantsara ireo gadra politika niakanjo mena 9 mianadahy nivoaka farany, rehefa nahavita ny sazy nihàtra taminy 3 volana am-ponja sazy mihàtra. Manoloana izany indrindra dia miarahaba azy 12 mianadahy ny RMDM Diaspora, izay ahitana fikambanana maro samihafa mivondrona ao anatiny any ampitandranomasina toy ny GTT La Réunion, Les Indignés 974,… noho ny fivoahan'ireo mpitolona ireo ny fonja. Marihina fa tsy nijery fotsiny azy 12 mianadahy ity fikambanana ity, fa nitondra ny anjara birikiny ho fanampiana azy ireo hatrany fony izy ireo tany Antanimora, izay navantan'ny RMDM Diaspora tamin'ny vehivavy Tiako i Madagasikara (TIM). Ny RMDM diaspora dia maneho fisaorana ho an'ireo rehetra nanolotanana nijery ireo nogejaina tsy ara-drariny, mampanantena fa mitohy hatrany ny tolona mandrapahatongan'ny fandresena.

Izy 9 mianadahy nivoaka an'Antanimora ny sabotsy teo.

Helisoa

Lanto Rakotomavo TGV teo aloha

Tsy ratsy ny manao foto-drafitrasa fa mila jerena ny laharam-pahamehana

Naneho ny heviny mahakasika ny raharaham-pirenena, tamin'ny televiziona tsy miankina, ny anisan'ny mpitarika teo aloha ny antoko TGV ny filoha Rajoelina dia Ramatoa Lanto Rakotomavo. Nokianin'ity farany mafy nandritra izany ny tsy fahaiza-mitantan'ny fitondrana Rajoelina amin'izao fotoana. Nambarany fa:" tsy hisy afaka hihinana vatan-drindrina, sy hatory any anaty kianja. Tsy ratsy ny manao foto-drafitrasa, fa mila jerena aloha ny laharam-pamehana ho an'ny vahoaka", hoy ity mpanao politika ity. "Nahavita ny fitondrana teo aloha, mijapy izany fotsiny no ataon'ny fitondrana amin' izao fotoana", hoy ihany izy. Nosoritany fa: "Ilay olona nanao an'ilay lalampanorenana ihany, no mandika azy sy tsy mampihàtra azy." Ilazany fa tena tsy manaja ny lalàna fototra, sy ny lalàna misy amin'izao fotoana ny filoha Rajoelina, sy ny fitondrana tarihany. Ny dikany, efa tonga amin'ny tsotsorimamba isarahana ny an'izao fitondrana misy izao, sy ny vahoaka tompom-pahefana.

Lanto Rakotomavo, anisan' ny mpiatrika teo aloha, ny antoko TGV an-dRajoelina.

Niaina

FFKM

Tsara fanombohana ny famelomana lakolosy niaraka

Tontosa soa amantsara ny fiarahana namelona lakolosy ho an'ireo fiangonana lehibe efatra, mpikambana ao amin'ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara na FFKM, ny alahadin'ny Pentekosta tamin'ny 06 ora maraina no fotoana nifanomezana, niarahana nampaneno ny lakolosy, ka samy nandray anjara mavitrika avokoa, ireo fiangonana efatra nahitana ny « EKAR na Eglizy Katolika Apostolika Romana », ny « EEM na Eklezia Episkopaly Malagasy », ny « FJKM na Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara », ny « FLM na Fiangonana Loterana Malagasy », manerana an'i Madagasikara.

Ny anton'izay fiarahana nampaneno lakolosy izay dia fanehoana ny firaisankina eo amin'ny samy fiangonana kristiana, na dia samy manana ny fotoampinoana aza ny tsirairay dia miara-manaiky, fa iray ihany eo anatrehan'i Kristy, ary fifaliana iombonana ny Pentekosta izay fanamarihana ny nirotsahan'ny fanahy masina tamin'ireo Apostoly, kanefa ihany koa dia samy resy lahatra ireto fiangonana zokiny ireto, fa misy ny tsy rariny mihàtra amin'ny fiangonana eo amin'ny fepetra raisin'ny fitondrana momba ny hamehana ara-pahasalamana, raha tsy hiresaka afa tsy ny fampiakarana ho zato ny isan'ny olona afaka mivory raha dimampolo teo aloha, kanefa ny fahafahan'ny fiangonana mampivavaka ireo mpino kristiana ao aminy dia mbola voarara.

Fampanenoana lakolosy arabakiteny no nisy ny alahady marainan'ny Pentekôty tamin'ny 06 ora maraina, fa inoana fa tsy hitsahatra amin'ny fampanenoana lakolosy, hanaitra ireo mpitondra eto amintsika, ireo ray amandreny mpitantana ny FFKM, satria efa misy ilay 4F: Fiainken-keloka, Fibebahana, Fahamarinana, Fihavanana, teny filamatra noraisin'ny FFKM nentina nandaminana ny disadisa nisy, sy nentina nanarenana indray ny firenena.

Manjaka ny tsy rariny, ny jadona, ny hosoka, ny halatra, ny herisetra isankarazany eto amin'ny tanindrazantsika, kanefa dia toa tsy mahatsapa tena ireo mpitantana ny firenena manome vahana izany fomba ratsy izany ary mihevitra ny vahoaka ho bado sy kentrina, sy toa manao an'Andriamanitra ho tsy misy mihitsy aza, ny toy izany indrindra no ilana ny fampiharana ny 4F, ireo ray aman-dreny avy ao amin'ny FFKM ihany koa dia aleo tsorina ny fahitana ny zava-misy, fa toa mandrimandry manana aretina tao anatin'ny fotoana misimisy ihany, ka mahatonga ireo nahazo fahefana manao banga mihomehy alina.

Mendri-piderana ireo ray amandreny mpitantana teo aloha tao amin'ny FFKM nijoro tamin'ny taona 1991 sy 2002, tamin'ny taona 2009 dia azo lazaina ho nandamoka ny ezaka nataon'ny FFKM, ankehitriny inoana f'efa ampy izay ny fotoana nandinihana sy niandrasana ny valimbavaka, mba hiovan'ireo mpitondra mamohehitra ireo, ary azo antoka fa tsy ho latsadanja miohatra amin'ireo ray amandreny mpitantana ny FFKM teo aloha ireo am-perinasa amin'izao fotoana izao, ary antenaina aza fa ahavita bebe kokoa aza.

Tsara fanombohana iny fiarahamamelona lakolosy ny alahadin'ny Pentekosta iny, tamin'ny fotoana fankalazana ny firotsahan'ny fanahy masina, nahazo hery avy amin'ny fanahy masina ireo mpitondra fiangonana ary ampy mizara ho an'ny mpino kristiana rehetra izany, ahazoana miatrika ny asan'ny maizina, ka ny dingana voalohany hampanenoana miaraka ny lakolosy dia ny fangatahana ny fisokafan'ny fiangonana, mba ho afaka mivavaka ao anatin'ny fanajana ny fepetra arapahasalamana tsy hisy fanavahana avokoa, na ireo Kristiana mivavaka mikimpy sy mandohalika, na ireo mpino Silamo mivavaka mihohoka toy ireny mitady zandry ireny.

Ny dingana manaraka amin'ny fampanenona lakolosy dia ny famakiana bantsilana ampahibemaso ny tsy mety rehetra eto amin'ny firenena,mba tsy ho tompontrano mihono ny vahoaka malagasy, ka ny 4F fototra efa niaingana no omena sehatra hamahana ny olana mianjady amin'ny vahoaka.

Eto ampamaranana dia ampitaina ny fankasitrahana avy amin'ny olompirenena mahatsiaro saina, ho an'ireo ray amandreny FFKM nanao iny fiarahana mamelona lakolosy iny, mino sy manantena ireo vahoaka malagasy izay vahoakan'Andriamanitra rahateo, fa tsy handraraka ny ilo mby andoha ianareo ray amandreny mpitarika izay entin'ny vahoakanareo ambavaka tsy hatsatso.

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitantanam-pirenena mampandrorona ny fampandrosoana

Mbola hitohy handrorona ny fampandrosoana eto amin'ity firenena ity. Raha ny fahitana ny zava-nisy tato ho ato sy ny fihetsiky ny fitondrana, dia tsy mbola hanantenana fiovana eo amin'ny fomba fiasa sy ny fitantanana ny firenena. Nisarika ny sain'ny mpamakafaka ny raharaham-pirenena ny fahatongavan'ny mpitandro filaminana teny Faravohitra rehefa nisy ny fankanesana tampotampoka teny amin'ny fasan'ny karana sy ny tsenan'Anosibe ny alarobia lasa teo, nataon'ny filoha Marc Ravalomanana, ka nitafatafàny tamin'ny vahoaka sendra azy teny an-toerana. Avy amin'izany no itarafana tsara, fa tsy mbola miova ity fitondrana Rajoelina ity, na dia tafalatsaka lalina ao anaty fahantrana aza ny vahoaka Malagasy. Izy eo amin'ny fitondrana anefa tsy mahavita manao ireny. Mazava loatra, raha toa tsy fantatr'ity fitondrana mihitsy ny filàna fototra ny vahoaka, ary tsy hainy ny manàla azy ao anaty olana makadiry mamatotra azy andro aman'alina ao anaty fotoana fohy.

Lesoka iray lehibe tsy voavahan'ny fitondrana ny mampihena ny elanelana na ny hantsana manasaraka azy amin'ny vahoaka. Ny tsy fifampitokisana mamàka fototra lalina eo amin'ny roa tonta tsy ahitan'izao fitondrana izao vahaolana intsony. Hita etsy sy eroa ny ezaka ataony amin'izany hanakaikezana ny vahoaka, fa tsy "tafa" araka ny fitenenana ankehitriny izany. Iaraha-mahita tsara izany amin'ireo asa fampandrosoana na asa sosialy ilàn'ny fitondrana fiaraha-mientana amin'ny vahoaka, ka anaovany antso amin'ny haino aman-jery samihafa, sy ny fiakon'izany amin'ny fanatanterahana azy. Ny zavatra hitan'ny vahoaka isan'andro isan'andro eo amin'ny fiainana andavanandro mifandraika amin'ny fomba fiasan'ny fitondrana sy fampanantenana maro samihafa nataony hatrany am-piandohana, no miraikitra ao an-dohany sy mamaritra ny fihetsiny rehetra. Antony iray lehibe miteraka io lesoka io izany ary mipàka sy misy fiantraikany any amin'ny sehatry ny fampandrosoana.

Ankoatra io olana lehibe io, tsy misy sori-dalana mazava ny ezaka fampandrosoana ny firenena ara-toekarena. Tsy voafehy amin'ny tokony ho izy ny fomba hampiarahan-dalana ny fampivoarana ny toekarena amin'ny ankapobeny sy ny fihariana anatiny; ny fifehezana ny orinasa vahiny sy ny finiavana amin'ny fampivoarana sy fampiroboroboana ny an'ny teratany. Maivana dia maivana, zara raha misy ny fanosehana ireo mpanao fihariana madinika, ny paik'ady amin'ny fiarovana sy fanampiana ireo mpiasa Malagasy maro. Tsy misy ny vahaolana maika amin'ny fampihenana ireo very asa sy tsy an'asa aman'hetsiny, sns... Antony sy endrika isehoan'ny hampandrorona ny fampandrosoana ny firenena ireny rehetra ireny.

Ny tsy fisian'ny fandrosoana mazava eto amin'ny firenena, dia midika mazava loatra fa hiha-hahantra hatrany ny vahoaka Malagasy. Hihoaran'ny firenenkafa maro ny firenena, ary ohatra na tranga iray akaiky miharihary ny Nosy Kaomôro izay efa mandeha an-dalana mihoatra sy manalavitra an'i Madagasikara ara-toekarena amin'izao fotoana izao.

Sôh'son

TONONKALO

Ry mpitantana tsy marina !

Lanilany ny eo an-tanana dia hisambo-bola indray ?
Misambotra no vahaolana fa tsy misy ankoatr`izay ?
Ny "fitantanana mazava" sy ny hoe "mangarahara"
Dia tsy anaty rakibolana ampiasainareo "mapara"?

Ireo mikasa hanadihady dia bantiana sy iavonana,
Ary anaovan-teny eso f`io tsy volan`ny fiangonana ?
Izany ve no mba mpitantana tena mendrika ny toerany ?
Sao dia tena tsy voafehiny ny fanaovan-tseraserany ?

Tena tsisy ny finiavana hanao tatitra mazava,
Nefa vao mahazo vola, dedaka sy avo vava !
Vetivety anefa ireny dia lazaina fa hoe ritra,
Ary ny vahoaka hatrany no indreo mipitrapitra !

Dia hisambo-bola indray sy mbola hitrosa hatrany hatrany,
Ka ny zafim-paladia no mbola hamerina an`izany ?
Tsy hangina ny mpanohitra ka ny feony tsy ho farina,
Noho ireo vola tsy mazava, ry mpitantana tsy marina !

TSIMIMALO (23-05-21)